



### **HO AVY NY FARANDRO ARY HOTSARAIN'ANDRIAMANITRA ISIKA**

Ry Kristianina havana, raha tamin'ny alahady lasa teo isika nandinika ny fitsanganan-ko velona ary nantrintarentsika fa Andriamanitra ny velona ny Andriamanintsika ka noho izany raha ny finoantsika no manambara an'izany aoka koa ny fiainantsika manambara fa velona i Kristy, miezaka isika handresy izay rehetra mitondra fahafatesana izany no maha misionera antsika ary nanambara tamin'ny Alahady lasa teo ny dingana tsy

***Vakiteny I : Mal. 3, 19-20a***

***Salamo : Sal. 97***

***Vakiteny II : 2 Tes. 3, 7-12***

***Evanjely : Lk. 21, 5-19***

mainty ataontsika amin'izao taonan'ny misiona izao : hiezaka mameno ny siny enina izay manambara fa velona tokoa ny Andriamanintsika fa tsy Andriamanitry ny maty. Ny maty dia mitondra amin'ny fahalevonana, miteraka

fikorontanana, herisetra, ireny ny fahotana tsy maintsy ialantsika ka amin'ny alalan'ny ezaka mameno ireo siny ireo no hamonoantsika ny fahotana ka mahatonga antsika manorina fiainam-baovao ao amin'Andriamanitra satria arakaraky ny fiheverantsika ny fiainan-koavy no andrafatentsika ny fiainantsika.

Raha isika mihevitra sy mino ary mahatoky feno fanantenana araky ny fampianaran'i Papa Ray masina namangy antsika izay namafy fiadanana sy fanantenana, raha ny fototry ny fiainantsika mivahatra amin'ny fivelomana fa Andriamanitra velona fa tsy Andriamanitra ny maty ny fiainantsika dia miezaka isika mba hanorina fiainam-baovao ao amin'Andriamanitra, izany no maha misionera antsika.

Amin'izao Alahady tsotra mandavantaona faha 33 izay Alahady mialoha an'i Kristy mpanjaka, izay fantantsika fa Alahady anehoantsika ny ezaka ataontsika hameno ny siny anankiray dia ny fandraisana an-tànana, hanehoantsika bebe kokoa amin'izao Alahady hoavy izao ny hoe mandray an-tànana amin'ny alalan'ny hasim-pinoana, amin'ny fikarakarakana ny tontolo iainana, amin'ny alalan'ny fambolena hazo, fomba hanehoantsika fa velona tokoa ny Andriamanintsika ka velona miaraka aminy isika.

Izany fiheverantsika an'Andriamanitra velona eo amintsika no hahatonga antsika araka ny lohahevitra amin'izao Alahady faha 33 izao fa na dia ho avy aza ny fara andro, na dia ho avy aza ny fitsarana dia tsy hampatahotra antsika izany satria efa miombona amin'Andriamanitra isika. Averimberintsika ny hoe ny fahamasinana dia tsy inona fa ny fiainana misy an'Andriamanitra izay fiainana ny fahasambarana satria miombona amin'Andriamanitra ilay hany masina, ilay hany hasambarana ho antsika.

Ry Kristianina havana, na dia eo aza ny resaky ny olona izay milaza azy ho mpaminany nefa tena mpaminany sandoka milaza ny daty ny taona hiavian'ny farandro. Ho hisy tokoa ny farandro fa araky ny evanjely renesintsika androany dia tsy isika ny mamaritra an'izany farandro izany fa ny anjarantsika dia ny miezaka mba hiombona amin'Andriamanitra ka na rahampitso na amin'ny fotoana lavitra be, rehefa miombona antsika dia izany fiombonantsika izany no hahafahantsika mandresy ireo fisalasalana eo amin'ny fiainantsika.

Amin'ny evanjely milaza i Jesoa fa raha maharitra isika mifikitra amin'izay toetra maha zanak'Andriamanitra na dia hikorontana aza izao tontolo izao dia hahatoky azy antsika ary tsy hatahotra fa hiroso lalindalina kokoa ny fiainana maha zanak'Andriamanitra ary izany ny atao hoe fiainana misionera, izany no hampiova izao rehetra izao sy làlana hahafahantsika manova ny tontolo iainantsika sy ny tontolom-piainantsika. Ny ataontsika àry dia mameno ireo siny enina atolotr'i Jesoa amintsika, na dia mety misy aza ny fahakaviana satria sarotra ny làlana maha misionera, ny làlana izorantsika dia tokana ihany dia ny fifikifirana amin'i Kristy na inon-kidona na inon-kiatra tsy inona izay fa isika miezaka mameno ny siny. Tsara koa ny mampahafantatra antsika, tsy ny fahafantarana ny farandro no zava-dehibe fa ny faharetantsika sy ny fifikirantsika ao amin'i Kristy ary izany no dikany hoe Kristianina, mpanara-dia an'i Kristy, zary Kristy mpiara-belona amin'olona isika ka izay no atao hoe misionera.

Izany no ampianarin'i Md Paoly amintsika, amin'ny vakiteny faharoa ho an'ny Tesalosiana : « *aoka isika hiasa bebe kokoa ary izay tsy miasa kosa aoka tsy hihinana izy* » ny maha misionera antsika dia isika miasa ho an'ny fanitarana ny fanjakan'Andriamanitra, izany no maha taranaka mpanorina antsika, izany no maha EO V Eglizy Olona Velona, misionera antsika manorina ETA Eglizy Tranoben'Andriamanitra, amin'izay na dia eo aza ny zavatra mety manahirana antsika, ny asa ataontsika no hahatonga antsika ho tena taranaka mpanorina ary ny tanindrazantsika, ny diosezintsika dia mila an'izany. Tsy ny asa no ratsy fa ny fomba fanatanterahantsika sy ny hivelomantsika azy no tsy mifanaraka amin'ny sitrak'Anriamanitra ka manjary rava ny ataontsika satria tsy mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra, ireo no mahatonga ny

korontana maro isankarazany amin'ny fiainantsika andavanandro. Aoka isika hijery tsara sy handinika fa indrindra amin'izao taonan'ny misiona izao mba ho asa mifanaraka amin'ny sitrak'Andriamanitra no ataontsika ary mazava ho azy fa anisan'ny maha olona ny asa ka izay tsy miasa dia manambara ny fanapotohana ny hasina maha olona. Aoka isika hiasa ary hamafisin'i Md Paoly androany, aoka anie ny asa ataontsika hifanaraka amin'ny sitrak'Andriamanitra, ary aoka isika hahay hifampizara ka hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana dia ny hasina maha olona ka anisan'ny hasina maha olona ny asa. Enga anie ny tompon'andraikitra rehetra isantsokajiny hikatsaka ny soa iombonana ka hanana ny asa tandrify azy ny olona rehetra izay hanampy ny rehetra amin'ny fivelomana eo anivon'izao tontolo izao sy hamelomana ny hafa amin'ny alalan'ny asa fanasoavana.

Izany no mahatonga antsika tsy hatahotra ny fiainan-koavy, ny fahafatesana raha ny marina tokoa dia tsy fahalevonana ho antsika satria raha miara-maty amin'i Kristy isika dia miara-mitsangana aminy ka ny fahafatesana dia varavarana mampiditra antsika amin'ny fiainan-koavy izay fiainana hiarahantsika amin'i Jesoa sy Andriamanitra sy ireo olona rehetra efa nialoha lalana antsika izay hivavahantsika amin'izao volana novambra izao ka hahatonga antsika ao amin'ny hasambarana mandrakizay, aoka ary araraotintsika inty fiainana inty hanaovantsika asa mifanaraka amin'ny sitrak'Andriamanitra izany hoe raha EOv misionera isika, EOv mameno ireo siny enina.

Ry Jesoa Kristy Tompo, fantatray fa ho hisy ny fiafaran'izao tontolo izao fa irinay dieny izao dia lanoa no hanjaka ao am-ponay, eo amin'ny fiainanay eto antanindrazanay mba ho fihavanana fitiavana fahasambarana no hanenika ny fiainanay ka ny asa ataonay rehetra dia famantarana toy ny maha zanak'Andriamanitra anay. Enga anie amin'izao famarananay ny taona izao ary hivelomanay an'izao taonan'ny misiona izao hahay hiroso amin'ny lalindalina izahay ka ho tena EOv misionera tokoa manorina ETA ka zary taranaka mpanorina tokoa ka enga anie araky ny fampianaran'i Md Paoly androany, enga anie ny asa ataonay hanamasinanay ny fiainanay ao aminao hahatonga anao ho tena misionera tokoa. Amen

Mompera Benjamin Ramaroson Arseveka